

Tsy manana politika momba ny mponina **3**
Tsy mahafehy ny fitantanam-bahoaka ny fitondrana Rajoelina

Resaka « téléphérique » **3**
Mihantona ny famatsiam-bola hanaovana azy

NY VALOSOAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) **VAOVAO**

Valanaretina coronavirus **5**
Namono olona marary ny delestazin'ny Jirama

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 28 desambra 2021 Laharana 1247 Vidiny : 400 Ar

Filoha Ravalomanana **2**
Tsy hanaiky intsony isika tafahoatra loatra ny habibiana



CHRR Morondava **6**
Tsy misy "kit d'urgence"



Randrana Sendikaly **7**
Hangotraka ny fitakiana ara-tsosialin'ny mpiasa amin'ny 2022



Distrikan'i Morondava **6**
Miaramila iray maty voatifitry ny dahalo



Canal C3 Ambohimananarina **2**
Nanampy tamin'ny fanadiovana ny depiote Todisoa

Behara, Amboasary Atsimo **6**
Tokantrano 1200 nahazo fanampiana tamin'ny Croix Rouge Malagasy

Daka kely
Ngaha vazaha ny gasy no ataon'ialahy teny vahiny ny fiarahabana ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA

Tsy hanaiky intsony isika fa tafahoatra loatra ny habibiana

Ny sabotsy tolakandro teo, fetin'ny Noely, no naterina teny amin'ny fasan-drazany teny Ambohitrimanjaka ny nofo mangatsiakan'ny Dr Jean Louis Randrianantenainjatovy, maty novonoin'ny sasany tao an-tranony tany Maninday Toliara ny herinandro lasa teo, izy dia vadin'i Me Elisoa mpitarika ny antoko TIM any amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana sady anisan'ny mpitarika ny RMDM any antoerana koa. Itompokolahy Dr Jean Louis no voatitfir'ireo mpanafika tao an-tranony, fa Me Elisoa kosa tsy voa fa afaka nandositra. Ny zoma hariva no nampandalovina sy nandraisana ny nofo mangatsiakan'ny Dr Jean Louis tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Bel'Air Ampandranana. Tao avokoa ny mpitarika ny antoko TIM sy ny RMDM notarihan'ny filoha Marc Ravalomanana, nambarany tamin'izany: "amin'izao fahoriana mihatra amin'ny fianakaviana izao, izao nandaozan'ilay vady mpanohana; ilay ray izay andry iankinana tampoka

dia mamerina ny fiaraha-miory sy mitondra ny teny fampiononana izahay havana sy namana ka tsy hanary na sanatria hamela anareo irery. Hetraketraka politika izao atao amin'ireto fianakaviana ireto izao, ka tsy afaka hanaiky izany intsony isika satria diso tafahoatra loatra ny habibiana. Tsy ho avelantsika raraka antany ny ran'ltompokolahy", hoy izy. Fa nialohan'ny teny Bel'Air ny zoma hariva io, nitsena ny razana teny lavoloha ny solombavambahoakan'ny antoko TIM, sy ny solontenan'ny birao politikan'ny antoko, amin'ny maha-filoha lefitry ny TIM sy maha-filoha lefitry ny RMDM ao amin'ny faritanan'i Toliara an'i Me Elisoa, izay vadin'ny dokotera Jean Louis. Nisy avy eo ny fotoam-pivavahana fankaherezana tao Bel'Air Ampandranana ary tonga nanatrika izany araka ny efa voalaza teo ny filoha Marc Ravalomanana, niombona alahelo tamin'ny fianakaviana, ary toy izao ihany koa ny teny fampaherezana



Ny filoha Ravalomanana teny Bel'Air ny zoma hariva teo.

nataony: "Tampoka ny fahasanan'ltompokolahy, satria dia vokatry ny hetraketraka nataon'ny sasany. Ny hevitra politika tsy mitovy ve no andatsahan'aina toy izao? Andriamanitra irery ihany no tompon'ny aina, ary ho tsarain'Andriamanitra izay nahavanon-doza. Ao izay nananteraka famonoana amin'ny fomba feno habibiana. Ao izay naniraka sy tomponandraikitra. Izy no nikarakara ny rehetra sy nandray anay tamin'ny hetsika rehetra izay natao tany. Vao herinandro mahery kely ny hetsika natao tany Toliara ary hita tany mihitsy ny fanantenan'ny vahoaka sy ny fitiavany antsika. Dia izay no nahatonga ny sasany ho tratran'ny fialonana sy fankahalana. Na inona na inona lazaina sy hazavaina aminay, dia tena motivation politique na hevitra tsy mitovy dia nahavitana naniraka olona analana ain'olona. Tsy afaka hanaiky an'izao intsony isika, fa tsy rariny loatra. Tsy ekentsika. Tena mafy. Noho izaho ve no andatsahana ain'olona, noho isika mijoro ho an'ny firenena ve? Tena mafy. Isika vahoaka dia hijoro mandrakariva", hoy ihany ny filoha Ravalomanana nanamafy ny fanambarana efa nataony nandritra izany.

Ny Valosoa

Fianjeran'ilay helikôptera

Mbola tsy mazava sy mampiahiahy ny zava-misy

Ety ampiandohana dia mitondra ny teny fampiononana ho an'ny fianakavian'ireo namoy ny ainy tamin'ny lozana angidimby niseho iny ary miarahaba ireo nieren-doza. Raha tsiahivina ny zavany dia ny alatsinainy alina tokony ho tamin'ny fito ora hariva no nianjera tao anaty ranomasina, manakaiky ny fokontany Ambatomalama, kaominina Mahabo, distrikan'i Fenoarivo Atsinanana ny angidimby izay avy namita iraka tany Soanierana Ivongo faritra Analanjirifo. Anisan'ny mpandeha tao anatin'io angidimby io ny Sekreterampanjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena (SEG), ny jeneraly Serge Gellé, raha avy niara-dia tamin'ny Praimnisitra lehiben'ny governemanta sy ny mpikambana tao anaty governemanta hafa; izay nandeha angidimby iray hafa.



Tsy nahenoana feo hatreto ny "mécanicien" an'ilay angidimby.

fiarovam-pirenena, sy ny tao amin'ny minisiteran'ny fitaterana tamin'ny alalan'ireo ao amin'ny seranam-piaramanidina; betsaka ireo nanontany tena hoe fa naninona no maraina vao nisy famoahana ny vaovao ofisialy, raha efa feno io vaovao CRASH na fianjerana io kosa ny tambazotra sosialy ny alin'iny ary nampisavorovoro ny saim-bahoaka. Tamin'ny firy no nahazo ny fisian'ity crash ity ny fanjakana foibe ary inona ny fandraisana andraikitra natao? Raha vao nahazo vaovao ve ny fanjakana foibe dia niatomboka tamin'ny fikarohana, sa niandry ny andro maraina, satria toa mampanontany tena iha ny hoe raha nanao fikarohana ve ny alin'iny dia tsy nahita ny Sekreterampanjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, izay nilomano nandritra ny alina, fa mpanjono handeha hanjono maraina efa amin'ny fito ora maraina no nahita sy nanao maraina ny S.E.G? raha nikaroka tokoa ny avy tao amin'ny fanjakana foibe

ny alin'iny dia nandritra ny alina ve tsy nahita vokatry raha tsy ny talata 21 desambra tamin'ny 08 ora sy 54 minitra, izay nilaza fa hitan'ireo "plongeur" avy ao amin'ny Corps de Protection Civile na miaramila voaofana amin'ny filatsahana any anaty ranomasina ilay angidimby an'ny Tafika.

Miandry fanazavana sy fanampim-vaovao feno ny vahoaka ary tokony hisy ny fanadihadiana lalina mikasika ity raharaha ity, satria hatreto dia misy velonaina miisa roa ny tao anatin'ilay angidimby, na teo azan y fanambaran'ny SEG, mbola misy ny zavatra tsy mazava, na iniana afenina...

Hatreto dia mbola tsy nahenoana feo ilay mecanicien nanomboka ny nahitana azy ka hatramin'izao. Takian'ny olona koa ny hanomezan'ny fanjakana foibe valisoa ho an'ilay mpanjono namonjy ny Sekreterampanjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena, nisy izany tamin'ny filan-kevitra ny ministra farany tamin'ity taona ity. Ny antony, isan'ireo nahavita ity mpanjono ity sy ny namany, namonjy ny mpiara-belona aminy ary nahavita be ho an'ny vahoaka Malagasy, satria dia tsy vitsy ny olona miandrindra ny S.E.G sy ny fomba fianany eto Madagasikara.

Rajepa

Canal C3 lemak'Ambohimanarina

Nanampy tamin'ny fanadiovana ny depiote Todisoa

Mitohy ny asa sy ny fitsinjovana ny vahoaka ataon'ny depiote voafidy tao amin'ny boriborintany faha-6, Todisoa Andriamampandry avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Omaly alatsinainy, na vao avy nankalaza ny fety nahaterahan'ny mpamonjy, ny Krismasy aza, ny mpino rehetra, niasa sahady ny depiote Todisoa, niaraka nanala tsikafona sy nandio ny canal C3 teny amin'ny lemak'i Betsimitatratra ny tenany, sy ireo

tantsaha mivelona amin'ny fambolena teny antoerana ary ny APIPA. Misy ny asa tagnamaro (HIMO) iarahana amin'ny APIPA mandritra ny 2 herinandro, ka niaraka nanome ny tambin-karama an'ireo tantsaha ireo ny depiote Todisoa sy ny Apipa. Teto dia nisaotra ny APIPA ity olom-boafidy ity namaly ny antsony, ka ny irariana hoy izy dia mba hitohy hatrany ny fiaraha-miasa ho tombontsoan'ny be sy maro.

Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Toa ny vahiny no avela manjaka tanteraka amin'ny toekarena eto

Ahoana no aneken'ny sain'ny vahoaka Malagasy, fa ny 60% ny fihariana sy ny toekarena eto Madagasikara dia eo ambany vahohon'ny teratany vahiny? Ny karana (indiana sy pakistany) no lohany amin'izany, sy ny teratany frantsay. Izany hoe ny efa antsasa-manila amin'ny fitantanan-karena no lasan'ny vahiny. Raha amina orinasa izany, raha toy ny petrabola antsasany mahery toy izany no an'ilay olona dia izy no tompon'ny orinasa sy mandidy aminy. Soa fa tsy mitovy amin'izay loatra, na manahatahaka izany aza, ny eto amin'ny firenena. Efa anjakan'ny vahiny ny toekarem-pirenena. Efa manomboka ho lasa mpiasan'ny vahiny ilay Malagasy tompon-tany. Manaiky izany ve ny sain'ny Malagasy, raha mbola tena Malagasy marina tokoa? Sehatra maro no anjakazakan'ireo vahiny eto amin'ity firenena ity. Saika izy ireo avokoa no mitantana ireo orinasa goaibe eo amin'ny mpandraharaha solika, ireo orinasa lehibe na afak'haba na tsia, ireo tranombarotra lehibe maro samihafa, ny banky, ny orinasam-pifandraisan-davitra, ny hotely fandraisam-bahiny lehibe, sns... Miasa ao amin'izy ireo ireo zanaka Malagasy aman'hetsiny maro, ary ny karama zara raha mahavelona fotsiny, fa tsy mampitombo harena. Mazava loatra, raha ireo vahiny tsy mitsahatra mitombo harena sy manangana tranobe mijoalajoala etsy sy eroa, ireo Malagasy kosa zara raha manana trano kely isitrihan'ny loha. Ny zavamisy aza manofa trano sy mifindra trano in-droa eo isan-taona ho an'ny sasany. Iza koa aza iarahamahalala tsara, efa anjakan'ny fitondrana frantsay ny harena ao amin'ireo Nosy Malagasy manodidina na "îles éparses". Manarontsarona izany fotsiny ny fitondrana Rajoelina.

Raha ny mpitondra, manaiky izany ny sainy, ary iarahany miasa aza ireo matetika, mba tsy ilazana hoe miara-miasa akaiky. Nisy izany, ohatra, tamin'ny resaka vaksany, ny teny Soamandrakizay, ny fampiasana fiaramanidina manokana azy ireo, ny fanomezana tany midadasika na dia efa misy tompony aza, sns... Misy mihitsy aza amin'ireo teratany vahiny ireo miezaka manao ampihimamba na "monopole" ny sehatra samihafa eto, fa mitazam-potsiny na mangina na minia mikimpy ny fitondrana Rajoelina. Fantatra izany amin'ny resaka hoditr'omby anaovana kiraro, ohatra, izay tsy misy miresaka firy, na zavatra hafa ihany koa. Ireo anefa tena mahakasika ny fiainan'ireo Malagasy mba misehatra amin'ny fandraharahana samihafa na madinika. Tsy misy miteny. Izany ampihimamba izany anefa no anisan'ny voalohany nanakianan'ireo mpanongampanjakana ny filoha Ravalomanana Marc, kanefa izy ankehitriny no tena manao izany. Ny an'ireo rahateo ilay manana toe-tsaina ory hava-manana. Araka izany, hampitahotra ny hoavin'ity firenena ity raha izao zava-misy nambara izany no mitohy. Ho lasa vahiny tompon-tany eto ny Malagasy, fa ny vahiny no manjakazaka amin'ny haren'ny nandroba azy. Ny fitondrana Rajoelina zary toa tsy mihetsi-bolomaso amin'izany akory. Ho very lova nomena sy navelan'ny razany azy ity Malagasy ity. Aza hitako...

Sôh'son



Ny depiote Todisoa, niara-nihosona nanala tsikafona niaraka tamin'ny mponina, tao amin'ny Canal C3.

Ny Valosoa sy hadihady

Tsy manana politika momba ny mponina

Tsy mahafehy ny fitantanam-bahoaka ny fitondrana Rajoelina

T ranga iray lehibe niseho teto amin'ny firenena tamin'ity taona ity, ny fisian'ireo fianakaviana maro avy any atsimo, nifindra monina noho ny antony ara-pivelomana. Tsy nety tamin'izy ireo intsony ny nonina teo amin'ny tany nonenany noho ny antony ara-toetrandro sy toe-tany izay tsy ahafahana miaina sy mivelona intsony ho azy ireo. Eo ny antony iray lehibe iarahamahalala dia ny kere. Voatery tsy maintsy nifindra monina araka izany izy ireo, ary nandeha tamin'ny toerana maro samihafa teto amin'ny Nosy izay nosafidiany aleha, rehefa avy nandalo teto an-drenivohitra. Mazava loatra, nisy ihany koa ireo nijanona teto an-drenivohitra.

Misy ny manome tsiny ireo olona ireo, any amin'ny toerana misy azy any. Toa ireo nisafidy ny any akai-kin'ny faritra Ankarafantsika iny, noho ny fahapotehan'ny ala sy ny doro tanety mitranga. Mety misy hadisoan'izy ireo ihany izany, noho ny tsy fitandremana na noho ny fikimpiana fotsiny izao ireo sisa mba ho velona. Toy izany koa ireo any amin'ny toeran-kafa, izay misy milaza ny amin'ny tsy fandriampahalemana lasa mitranga any aminy. Toe-javatra maro samihafa no tsy maintsy mitranga ary mety mandona ny efa lasi-pivelomana sy fiainana tamin'ireny toerana nifindra-monin' izy ireo ireny. Midika izay, fa maro izy ireo no nifindra-monina. Tsy maintsy misy vokany ihany koa izany any amin'ny toerana nialàny.

Tsy tokony hadinoina, fa ny Malagasy dia tia mifikitra amin'ny tany onenany sy ivelomany, indrindra ireo nisy ny razany. Efa tsy fidiny ho azy, ary tsy azony anoharana intsony matoa izy mandao ny tanindrazany. Iza no tomponandraikitra amin'izy ireo? Mazava loatra, fa ny minisiteran'ny mponina sy indrindra ny fitondrana no tomponandraikitra voalohany amin'izany rehetra izany. Maneho miharihary ny tsy fananana politika mazava momba ny mponina izao fitondrana Rajoelina izao, matoa misy izany. Ny IEM-n-dRajoelina tsy nahatsinjo izany olana izany velively, hatrany Frantsa niketrehany ny hirotsaka hofidiana ho filoham-pirenena. Ary na efa tafakatra teo amin'ny fitondrana aza izy sy ekipany, dia mbola tsy nahavita namaritra tao anaty fotoana fohy ny politika mazava momba ny mponina rehetra isa-paritra. Satria, tsy ilay vahoaka Malagasy loatra no tiany asandratra voalo-

hany fa ny tenany sy ny antokony, sy ny ikatsahany ho voalohany mihoatra amin'ireo mpifaninana politika rehetra aminy eto Madagasikara. Izao efa mitranga ny olana, dia ilay vahoaka ve no omena tsiny? Tanindrazany ity Madagasikara ity, iombonan'izy ireo amin'ny Malagasy rehetra. Raha tena mpitondra manana ny fitiavany-tanindrazana marina, sy tia ny vahoaka Malagasy marina ary mitsinjo azy ireo tokoa, dia efa nahatsiaro tena ho tomponandraikitra voalohany amin'ny fisiana Malagasy, mpiray tanindrazana mihinana ny tsy fihinana intsony. Inona no nitranga raha teto an-drenivohitra no nisy ampahana mponina nihinana ambina hoditra kiraro toy ny tany atsimo ireny? Raha mpitondra mahatsiaro tena marina ho tomponandraikitra mivantana momba ny mponina dia efa nametra-pialàna avy hatrany vao mitranga izany. Ny tsikaritra amin'ny fomba fitantanam-pirenena ataon'izao fitondrana Rajoelina izao, dia raha tsy efa misy fisehoan-javatra lehibe mitranga eo amin'ny mponina na ny vahoaka vao mody mikoropaka. Izany hoe, midika izany, fa tsy mahafehy ny fitantanana ny fiainam-bahoaka izao fitondrana izao. Ohatra akaiky, vaovao mbola maresaka izao ny zava-nitranga tany Soanierana Ivongo ireny. Tsy voafehy ny fanarahamaso ny fifamovoizana an-dranomasina eto amintsika, satria mbola misy afaka mitsoriaka mangala-dia ihany, ary hamoizana ain'olona marobe mampalahelo toa ireny. Miharihary fa misy tsy fahampiana ny fitaovam-pifamoivoizana an-dranomasina itateram-bahoaka eto amintsika, na ny fanaraha-maso ihany koa. Ary tsy any amin'iny morontsiraka atsinanana iny ihany izany, fa na any andrefana sy atsimon'ny Nosy ihany koa, na amin'ny morontsiraka manontolo manodidina an'i Madagasikara mihitsy. Ny mahamaika an-dRajoelina sy ireo ekipany, dia vahaolana mbola afaka miandry, "téléphérique", "tramway", sns... Ireny mantsy ilay azo isehosehoana sy idedahana ary ahafahana miaro seza sy tombontsoa manokana, anaovana fampielezan-kevitra ihazonana fitondrana. Ilay mponina, ny sarambabem-bahoaka Malagasy manerana ny Nosy, fa tsy eto an-drenivohitra ihany, anefa etsy ankilany, tsy ao an-tsainy ao anatin'izany, sy tsy voatsinjo amin'ny fitaterana izay mampijaly azy isan'andro vaky izao.

Sôh'son

Olan'ny delestazy

Ireo vahaolana atolotry ny orinasa Jirama

Manoloana ny olan'ny delestazy misy eto Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina, nanolotra vahaolana ho amin'izany omaly ny ao amin'ny orinasa Jirama.

Hisy fametrahana vata mpanova rianaratra lehibe 2 vaovao samy hitondra tanjaka 60MVA avy :

-ny iray efa tafatsangana fa mbola ampifandraisina amin'ny tambazotra,

-ny iray mbola hapetraka.

Fitsidihana sy fitsirihana ireo vondrona mpihary rianaratra napetraka eny anivon'ny hopitaly sy ny CTC.

Natao ny andrana hanampanana ny fandehany raha sanatria misy ny fahatapanana, ka 5 segondra dia velona ary 20 segondra farafahaelany dia mandeha ny rianaratra ary mahazaka tsara ireo "concentrateurs d'oxygène" izy ireo.

Toy izao ny tanjak'ireo vondrona mpihary rianaratra sahanin'ny JIRAMA :

1. CHU Andohatopenaka : 200 kVA.

2. CHU Anosiala : 250 kVA.

3. CTC Soamandrakizay : 110 kVA.

4. CTC Village Voara : 110 kVA.

5. Hôpital Ambohimandra : 175 kVA.

6. CHR Bongatsara : 72 kVA.

Ny CHR Anosiavaratra sy ny CHR Ambohimangakely ihany koa dia samy manana vondrona mpihary rianaratra izay tsy sahanin'ny JIRAMA kosa.

Hitohy amin'ny fanamafisana ny famatsiana rianaratra ao amin'ny HJRA, HOMI sy ny CTC Mahamasina (raha misy fisokafana) ihany koa ny asa anio maraina.

Torak'izany ihany koa ny fametrahana vondrona mpihary rianaratra vaovao sy ny fanasarahana ny "circuit" famatsiana oxygène, mbola hatao amin'ny fiandohan'ny herinandro ho an'ny Hopitaly HJRB, izay efa tena antitra ny fitaovana sy ny CTC Ankorondrano (raha misy fisokafana).

Orinasa mpamokatra oxygène EOLE : hametrahana vata mpanova rianaratra manana tanjaka 400 kVA dieny anio, hanafoanana ny mety ho fahatapanana sy hahafahana mampitombo ny vokatra.

Laharam-pahamehana ireo zotra mamatsy ny hopitaly, indrindra fa ireo mandray ny mararin'ny Covid, ka nohamafisina ny toromarika mba tsy ho tapaka ireo zotra ireo raha tsy efa tena goavana ny tsy fahampiana, ka ireo zotra ireo, izay miisa 48, no averina avy hatrany alohan'ny hafa rehetra.

Ny toky fitaka fa ny atao no ho hita, ka ho hita eo raha tsy hisy fahatapanana intsony ny angôvon'aratra vokarin'ny orinasa Jirama, efa nahafaty olona izay delestazy izay ny herinandro teo, ka dia manantena fiovana ny rehetra.

Stefa

RESAKA « TÉLÉPHÉRIQUE »

Mihantona ny famatsiam-bola hanaovana azy

Efa nitsofan'ny fitondrana mozika ny hoe asiana "téléphérique" hono eto Antananarivo Renivohitra, izay nambara fa hampihena ny olana misy eo amin'ny fifamoivoizana hono.

Raha hazavaina tsotsotra ny atao ho "téléphérique" dia fitaterana mihantona sy mikorisa amin'ny tady vita amin'ny tariby matevina misy rianaratra eny ambony eny, "transport par cable" ihany koa no azo iantsoana azy.

Vola trosaina amin'ny tahirimbola frantsay no hananganana azy io, saingy ny mampihomehy araka ny fiteninjatovo dia toa hihantona indray ny famatsiana ity fitaterana mihantona ity, izay azo inoana fa hihafara amin'ny faharavan'ilay tetik'asa mihitsy.

Tamin'ny 23 Novambra 2021 lasa teo dia nivory ny Antenimierandoholona frantsay nandinika mikasika ny tetibola, loholona 290 no nandatsabato, ka

ny 237 dia nitsipaka ny tetibola nisy an'io fananganana "téléphérique" eto amintsika io, tamin'ny 14 Desambra 2021 teo indray dia nandefa taratasy fampieritretetana an' Andriamatoa Bruno Lemaire, Minisitry frantsay miadidy ny Toekarena sy ny Fitantanambola ny Loholona frantsay Pierre Laurent, nambarany tao anatin'ny taratasy, fa tsy laharampahamehana ho an'ny vahoaka malagasy izay miaina ao anatin'ny fahasahiranana ny 80 isanjatony, ny fananganana ny "téléphérique", ny kere izay manjaka any amin'ny faritra atsimo no tokony hijerena vahaolana maika hoy ity loholona frantsay ity.

"Dia ny tena no menatra" hoy ny fitenenana izay mahazo vahana ankehitriny, isika vahoaka malagasy manontolo no tiana ambara eto, mampisitribelona tokoa satria ireo loholona frantsay indray no mahatsapa ny faho-

riana mianjady amin'ny vahoaka malagasy fa ny antsika ireo olomboafidy malagasy dia lavitry ny afo ny kitay amin'ny fitsinjovana ny fiainambahoaka, ireny niara-nahita ireny ny fankatoavana ny fampindramambola hananganana ny "téléphérique" nataon'ireo solombavambahoaka maro an'isa, toy izany koa ny nafitsok'ireo loholona izay nankasitraka 100 isanjato ilay tetikasa vendrana be. Raha ny fahitana ny fihe-tsiky ny frantsay dia ho faty ankaranany io tetikasa io, dia hiaraka ho afabaraka na ny fahefana mpanantanteraka na ny fahefana mpanao lalàna, ary tsy afa-miala ihany koa ny fahefana mpitsara dia ry zareo eny Ambohidahy nankatoa izay tsy tokony ho toavina.

Ny tena mahatsikaiky amin'ity tetikasa ity dia ilay fakan-kevitra mody natao, kanefa efa lanin'ireo fahefana mpanao lalàna ity lazaina fa hakana

hevitra, maro ireo fanambarana mivoaka manameloka sy misakana ny fananganana io "téléphérique" io, saingy manao be marenina izy mianakavy tompom-pahefana, kintanjo izao ny frantsay mpandoa-bary mihitsy no midradradradra fa tsy laharampahamehana ho antsika malagasy ity fitaterana mihantona sy manao gorisagorisa toa an'i Besorongola ity. Na dia tsy dia fanaontsika eto amin'ny gazety aza ny mankasitraka ireo vazaha, dia tsy maninona fa ataontsika izany amin'ity indray mitoraka ity, satria noporofoin'ireo loholona frantsay fa ny azy ireo dia ny loha tokoa no misaina, indrisy f'ireto loholona malagasy izay nanaiky ilay tetikasa 100 isanjato dia tsy fantatra intsony ny mendrika iantsoana azy, fa toa ...n'olona ireto izy mianakavy.

Ny Valosoa

TOMONKALO

Aza mba donto ihany

Hatreto dia mitazam-potsiny iretsy donto mianakavy, Manoloana ilay aretina izay mamely tsy hay sakanana. Efa hita tsotr'izao fa tsy nahomby ilay tambavy, Vakitsiny anefa hatreto tena tsy ampy fanentanana !

Ny mpitarika mihitsy no ilaina ho modely, Ka andrasana hotsindronina eo imaso-mpianakavy. Saingy hatreto ny filoha tsy nanamafy velively Hoe vita vakitsiny ve sa nianina amin'ilay tambavy !

Raha izao no zava-misy dia ho lalina atsy ho atsy Fa tsy maintsy ho avy indray ireo fepetram-pihobohana. Ny amin'izay indrindra anefa, efa maivana ny vatsy Ka ampoizina fa maro no efa tsy hahazo tohana !

Ny arotava dia efa be no efa tsy manao intsony, Saingy tsisy fitenenana ka dia mahagaga ihany. Rahoviana indray vao hidina irony baiko avy any ambony, Ka halefa hamafa lalana ireo izay tsy manao izany ?

Izy ity anie tsy toy ny raharahan-jazakely, Ka dia petatoko hatrany fa tsy misy fanomanana. Sa rehefa tena feno ny hopitaly sy ny hotely, Izay vao hihetsika ianareo hanao ilay V amin'ny tanana ?

Ka amin'izay dia hoe VONJEO no teny tiana hampitaina: Mila vonjy i Gasikara, f'eo an-dalam-pahaverezana. Sendra izay mpitondra dedaka nefa tena tsy misaina, F'efa zatra ny bontolo sy fanaovana letrezana !

DADAN'i RIANA (25-12-21)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny depiote Todisoa ao amin'ny Boriborintany faha-6 niara-nanadio ny canal C3 tamin'ny fokonolona teny an-toerana.



Ny fanaovam-beloma farany ny CT Germain avy amin'ny antoko TIM tany Maevatanàna



ANTANANARIVO FAHA-4

Ankizy miisa 161 nahazo kilalao avy amin'ny fikambanana Alluma

Notanterahina tetsy amin'ny Fokontany Angaranga Anosibe, ny fizarana kilalao ho an'ny ankizy ny alakamisy maraina teo ary notsongaina manokana hisitraka ny fanomezana, ireo ankizy miisa 161 avy amin'ny Fokontany miisa 32 eny anivon'ny boriborintany faha- 4 eto Antananarivo Renivohitra. Nilaza Andriamatoa Maharitra Ali Petera filohan'ny fikambanana Alluma (Association Lumière de la Lune à Madagascar), fa zaza avy amin'ny fianakaviana sahirana sy zaza kamboty tsy misy mpiahy, no nozaraina kilalao, mba hamalifaliana an'ireto farany hiatrika ny fetin'ny faran'ny taona 2021 sy ny taom-baovao 2022. Nanohy fanazavana ny filohan'ny Alluma, fa tsy mitsahatra manatanteraka fanampiana ara-tsosialy isam-bolana ho an'ny ankizy sahirana ny Alluma ary fanomezana manokana avy amin'ireo malala tanana, sy ireo mpiara-miombon'antoka, no ahafahan'ny fikambanana manatanteraka izany hetsika izany. Nanamafy Andriamatoa Maharitra Ali Petera, fa efa mananika ny 300 ny isan' ireo ankizy iandraiketany Alluma ary ny tsy fahampiana ara-tsakafo, sy ny tsy fisian'ny fampitaovana an-tsekoly, mba hahafahan'ny ankizy manohy ny fianarany no tena manahirana ny fikambanana. Anisan'ny miara-misalahy amin'ny fikambanana Alluma, amin'ny fanampiana ny ankizy sahirana eto an-drenivohitra ihany koa ny fikambanam-behivavy Silamo "Sunni" ary tsy mitsahatra mizara fanomezana ho an'ny mponina isaky ny Zoma ity fikambanana ara-pinoana ity, ho fanampiana ny mpiray tanindrazana, indrindra amin'izao fahamailoana ara-pahasalamana izao. Mikendry ny hanangana Akanin-jaza eny anivon'ny Boriborintany faha-4 ny filohan'ny Alluma amin'ny taona 2022 ho avy izao ary mikasa ny hanitatra ny sampana Alluma any amin'ny faritany, mba hahafahan'ny zanaky ny mpiray tanindrazana misitraka ny fanampiana ara-tsosialy.

Franck Razakambelo



Ny fizarana kilalao nataon'ny fikambanana Alluma.

Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anamamy, lasary voatabia ary vary mena, no hanina miaraka aminy, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso
Fanafody natoralin'ny aretina sempotra na asthme

Fanafody natoralin'ny aretina sempotra na asthma indray, no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. Aretina mpahazo ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe ny aretina sempotra na asthme, mety mahafaty mihitsy aza raha toa ka tsy voatsabo haingana.



- ZAVATRA-ILAINA:**
 -Hasiny tongolo gasy 20.
 -Rano 2 litatra.
 -Vovoka ronono Nido 1 Kapoakam-bary.
 -Siramamy 5 sotrokely kafe.
- FOMBA FIKARAKARANA AZY:**
 -Araraka anaty vilany na casserole efa madio tsara ireo hasina tongolo gasy 20, rano 2 litatra sy ny siramamy 5 sotrokely kafe ary ny vovoka ronono Nido 1 Kapoaka. Rehefa vita izay, dia ampangotrahana mandritra ny 20 minitra eo ho eo ary avela ho mangatsiaka izay vao azo ampiasaina.
- FOMBA FAMPIASANA AZY:**
 -Tsy maintsy tatananina izay rano ampiasaina ary sotroina 1 vera ny maraina sy ny hariva. Mazava ho azy fa alohan'ny sakafo avokoa ny fampiasana azy.
- FAHARETANY NY FANAOVANA AZY:**
 -Mandritra ny 15 andro misesy dia ho afaka ny aretina sempotra
- FANAMARIHANA**
 -Mbola afaka ampiasaina amin'ny manaraka hatrany ireo ambiny akora teo aloha, fa afanaina mba tsy haiso. Mazava ho azy fa rehefa lany dia manao vaovao hatrany. Marihina fa mahasitrana ny aretina tuberculose, na raboka ihany koa ity fanafody natoraly ity.

NY VALOSOA sy Mahaliana
Ny tanànan'Ambarimanginga any amin'ny distrikan'i Mitsinjo faritra Boeny

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay, any amin'ny faritra Boeny, ireo tanàna amin'ireo kaominina 7 mandrafitra ny distrikan'i Mitsinjo faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao. Ny tanànan'Ambarimanginga any amin'ny distrikan'i Mitsinjo faritra Boeny, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitra ny kaominina Ambarimanginga ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina 7 mandrafitra ny distrikan'i Mitsinjo. Any afovoany andrefan'ny faritra Boeny no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana ihany izy, satria 91 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny fary. Ny voankazo isan-karazany toy ny kily na voamadilo, ny mahabibo, ny voasarimakirana, ny manga. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any an-toerana.



NY TENY FIAINANA

"Fantatsika fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia tsy manota; fa izay naterak'Andriamanitra dia miaro ny tenany [Na: Ilay naterak' Andriamanitra no miaro azy.], ka tsy mikasika azy akory ilay ratsy."
I Jaona 5:18



Valanaretina coronavirus

Namono olona marary ny delestazin'ny Jirama

Volatiana Chantal: Jirama o! iny fahatapanana nataonao iny fotsiny dia namoizan'ny mamanan'Namako forme grave ny mamany fa notapahanareo le jiro dia tapaka koa lay concentrateur d'oxygène mba namelona azy, tena raha ny alahelon'olona @ty fanaovanareo vinany ity tena tsy hay intsony ny hilazana azy. Mampahery ny fianakavian'ny maty, dia mirary fahasitranana haingana an'izay mbola miady mafy @zao aretina izao, aza mitsahatra miavavaka foana, zay ihany!

Elian Raharison : efa tsy fiainana intsony no iainantsika.

Ninah Miharisoa : tsika gasy oa otrany oe hafahafa e, maninona no tsy sahy miteny oe le mpitondra mihitsy no nul fa mbola par département foana no omena tsiny.

Apollinaire Rakotondrasoa : ilay jiro mirehitra mameno an'Antananarivo ireo amoronana fandanian-pahatanany, tapaho ireo!

Apollinaire Rakotondrasoa : mampahery.

Farak Nissar : normal ho an' olona sasany mihitsy ny jiro tapaka aty amin'ny hospital.

Tsirihavotra Bharat : fa inona marina problème Jirama ? Raha fetsy zareo mba mampilaza mialoha hialana amin'ny fifanomenzan-tsiny...

Lalao Razafindrakoto : vaky be ny foko mamaky an' ilay tantara. Mba mieritrereta re ny mpitondra fa efa trop loatra a ! Aina tsy voavidy no lasa @ ny bourde nareo . O rey olona e trop c'est trop. Mivoraka mihintsy ny atidohako mamaky an'ilay izy.

Mendrika Mioty Fahasoavana : tombony be ho an'ny jirama ny déstéstage na dia 1 min fotsiny aza, tadidio fa Jirama égal fanjakana ihany. Tsy hiteny betsaka aho fa mirary soa ny Malagasy rehetra ary mirary fahasalamana ny tsy salama rehetra !

Antoinette Rabodolalao : efa famonoana ankolaka izao fa Andriamanitra tsy andrin-dry zareo andrin'nyvahoaka Malagasy ihany.

Minosoa Valexie Rabbe : enga anie mba hisy hihaino. Mankahery ny mana-manjo.

Alain Pierre Razafindratsimba : Efa feno ny kapoaka e!

Joelison Rafenomanantsoa : fa maninona raha asiana groupe foana dispo eo am hôpital e !

Raharimanana Patrick : Hopitaly Anosiala – Jiramaty:
• Mba mila fandinihana, hopitaly lehibe mandray marary tahaka izao ry Jirama dia tapaka ny jiro.

- Nifamonjena ny groupe électrogène, mbola kirakiraina vao velona.
- Ny "appareil respiratoire" rehetra ato anefa mandeha "courant" daholo, miaraka tsy miaina ny marary mila "oxygène" ho an'izay tsy manana "bouteille".
- Ny "wifi" tsy misy, ny "distributeur automatique" GAB nofinofin'izao tontolo izao, ny "réseau téléphonique" mihanika hazo vao mandeha.
- Tena manao mazia ato ireo mpitsabo hanavotana ny marary amin'ny tsy fahampiana rehetra izany.
- Hatramin'ny "sparadrap, alcool", sy "coton"ato tsy misy fa vidiana aby.
- Ny Oxygène tsy vidiana.



Onja Dawoo : hopitaly lehibe otran'izao ve de mbola ifamonjena koa n groupe fa tsy tonga de velona hoazy vao tapaka ny jiro e ! Zavatra efa tokony homanina mandrakariva zany satria matetipitranga le fahatapanan-jiro a !

Mampi'un Ak-hen El-kadji : zaho koa tsy mino an'zany fa tokony efa misy inverseure automatique ao. sady io groupe io koa mora velomina kely.

Onja Dawoo : midemaka ho azy mihintsy io, fa zareo zany no manao antsirambina ny ain'olona,

Fens Rkotoarison : eny ary fa d omenay ho anao manokana sy ny Jirama «tsy azo ianteherana» koa ny merci, fa zahay vahoaka sy ny mpitsabo moa zany d mpanao asa soa sy mpanome prime ho anareo no asanay , ka diso zahay rah tapaka ny jiro pffff !

Noems Robinson : rehefa vita ny teleferika dia afaka mihantona eny mitaditady reseau sy misintona courant raha mahita e (raha tsy miara- tapaka).

Jean Jacques Rakotonirina : le hoe ifamonjena ny groupe électrogène kosa aloha tsy fahamatoran'ny mpiasa ao, satria fahavaratra ny andro, mety hisy ny fahatapanan'ny jiro noho ny tselatra mety hanimba ireo fitaovana mamokatra sy mitondra ny herinaratra.

Thzüy Kabî : mba aiza hoe ny norme sy responsabilité eny am' hôpital public ireny, fa efa tapaka ny jiro vao hoe «nifamonjena ny gpe sns... blabla e», sa ve hoe raha vao public dia voaozona tsy hanjary.

Ulugar Celestial : mbola miala sasatra ny gouverne"manta".

CAN CAMEROUN 2022

Tsy hihemotra fa hanomboka amin'ny 9 janoary izao

Tsy hihemotra intsony fa ho tanterahina hanomboka amin'ny alahady 9 janoary 2022 ho avy izao, ny fifaninana baolina kitra "CAN Cameroun 2022" andiany faha-33 amin'ity fifaninana ity, ka tsy hifanarana raha tsy any amin'ny alahady 6 febroary 2022. Ekipa 24 nozaraina ho vondrona 6 no handray anjara amin'ny fifaninana, ka samy hieritritra ny handimby toerana an'i Algerie tompondaka farany (andiany faha-32) avokoa. I Cameroun mpampiantrano sy Burkina Faso ao amin'ny vondrona A no hanokatra ôfisialy ny fihonana rehetra amin'io alahady 9



Ny amboaran'ny CAN.

janoary 2022 io, ao amin'ny kianja "Stade Omnisport Paul Biya" any Olémé Cameroun, izay harahan'ny fihonana i Ethiopie sy Cap Vert avy eo. Marihana fa sedra

voalohany ho an'ilay kalaza Samuel Eto'oeo amin'ny fitantanany ny "Fédération Camerounaise de Football" ity CAN Cameroun 2022 ity.

Rainilita

Savate Boxe Française

Anio no hanatanterahana ny fifidianana ho filoha

Anio talata 28 desambra 2021, no hanatanterahana eny Sabotsy Namehana ny fifidianana izay ho filoha vaovao hitantana indray ny Fédérations Malagasiny taranja Savate Boxe Française, sy ireo mpikambana ao amin'ny komity mpanatanteraka hiaraka aminy. Fantatra fa anisan'ny kandida nirotsaka amin'izany fifidianana izany, i Parfait Rakotonindriana ilay tompondaka maneran-tany indroa nisesy tamin'ity taranja ity tamin'ny taona 1997 sy 1999. Zavatra 8 loha no eritreretiny fa hamelomana indray an'ity taranja ity izay somary natoritory tao ho ao dia : 1°-Ny hanatanterahana « Compétition inter-régionales » sy « internationale » izay tratra. 2°-Ny hanaovana fampiofanana samihafa ho an'ireo teknisiana miki-



Savate Boxe Française Malagasy.

rakira an'ity taranja ity. 3°-Ny Famahoana ny « Savate Boxe Française » eny anivon'ny « Sport Scolaire » sy eny amin'ny « Université ». 4°-Ny Fampijoroana ny « Commission Savate féminine et jeune » eo anivon'ny Savate Boxe Française. 5°-Ny Fijerena ny « Sport et Santé », mbola eo anivon'ity Savate Boxe Française ity ihany. 6°-Ny

Fampioroboboana ny « disciplines associées » amin'ny Fédérations, toy ny « Cannes de combat », « Savate défense » ary ny « Savate forme ». 7°-Ny Fijerena manokana ny lafiny serasera eo anivon'ny Fédérations. 8°-Ny fam-pidirana ao anaty « Commission » an'ny Savate Boxe Française ny MMA sy Kempo.

Rainilita

Tompondaka nasiônalin'ny Judo

Nahemotra ho amin'ny fotoana manaraka

Noho ny fiangaviana nataon'ny COM "Comité Olympique Malagasy", sy ny MJS "Ministeran'ny Tanora sy Fanatanjahantena Malagasy" amin'ny tokony hanajanonana an'ireo fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja misy rehetra eto Madagasikara, noho ny fiahany ny valanaretina covid-19 dia nanapakevitra ny eo anivon'ny FMJ : "Fédération Malagasy de Judo", fa : hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifaninanam-pirenena eo amin'ny taranja Judo, izay nokasaina hatao eny amin'



Ireo anisan'ny mpanao judo eto Madagasikara.

ny kianja mitafon'Ankorondrano ny 28 sy 29 des-

ambra 2021 ho avy izao.

Rainilita

BEHARA, AMBOASARY ATSIMO FARITRA ANÔSY

Tokantrano 1200 nahazo fanampiana tamin'ny Croix Rouge Malagasy

Tokantrano miisa 1200 tany amin'ny kaominina Behara, distrikan'Amboasary Atsimo, faritra Anôsy, no nahazo fanampiana avy amin'ny Croix Rouge Malagasy (CRM) ny herinandro lasa teo. Nanampy ny Croix Rouge Malagasy tamin'izao hetsika aratsosialy nataony tany amin'ny faritra atsimon'ny Nosy izao, ny Croix Rouge any Seychelles, ny Croissant Rouge avy any Torkia ary ny Fondation Peace Train. Noho ny tsy fanjarian-tsakafo vokatry ny haintany misy any amin'ny faritra iny, no nanaovan'izy ireo izao hetsika izao. Ny fanampiana ara-tsakafo nozaraina tamin'izany isampianakaviana dia vary 30 kg, kabaro 2 kg, tsaramaso 2,5 kg ary menaka 3 litra. Hatramin'ny taona 2020 no nanome fanampiana ho an'ireo olona tratry ny kere any Atsimo ny Croix Rouge Malagasy, hoy ny filoha



Ny Croix Rouge Malagasy nizara fanampiana tany Behara Amboasary Atsimo.

nasionaliny Alice Ralisoa, mbola misy ireo iharan'izany hatramin'izao, mahatonga azy ireo mbola mitondra ny anjara birikiny ho famonjena azy ireo. Ny fanampiana nomen'izy ireo ny herinan-

dro teo dia mahavita ireo olona kere mandritra ny 15 andro, mba tsy ho tratra ny tsy fanjarian-tsakafo tena mafy ireo olona ireo. Fanampiana maika ihany izao nomen'ny Croix Rouge Malagasy

izao, fa amin'ny antonony ezaka, miezaka izy ireo mba ho afaka mizaka tena ara-tsakafo ireo mponina tratry ny kere ireo atsy ho atsy.

Aly

Prezidà Synôdaly Antananarivo atsinanana

Trano lehibe misy rihana no natolotra noho ny jôbiliny

Teny amin'ny Fjkm Ambohimalaza Firaisana Kanana Vaovao, synodamparitany Antananarivo atsinanana no namaranana ny jôbily fisotroan-dronon'ny mpitandrina Rabe-nantoanina Harimanana Philibert mianakavy, sy ny faha-40 taona naha-mpitandrina azy. Fanompoampivavahana notarihan'ny filoha mpanampy ny synodamparitany Antananarivo atsinanana, ny mpitandrina Rafanonerantsoa

Valisoa, raha ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Ira-ko Andriamahazoso Ammi, no nitondra ny hafatr'Andriamanitra, izay nalaina tao amin'ny II Kor 5 andininy faha-14 manao hoe: "Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay". Noarahabaina sy notolorana mripankasitrahana izy mivady ary narahana fanomezana hita maso avy amin'ny synodamparitany. Trano manana velarana 100 metatra toradroa

misy rihana iray no natolotra ny synodamparitany azy mivady eny amin'ny By-pass, noho izao famaranana ny taon-jôbily izao, izay mitentina 142 tapitrisa ariary mahery. Izy mivady no nanolotra ny tany, fa ny synodamparitany kosa no nanototra sy nanangana ny trano sy ny tamboho manodidina. Mbola mitohy ny asa famitana ankehitriny, mbola nifanentan'izy ireo ny sabotsy lasa teo

ary mbola nitohy ny Alahady izany raha ny nambaran'ny filohan'ny komity, ny mpitandrina Rakotitina Fidimanana. Sakafom-piraisana sy mofomamy mitam-pihavanana, no namaranana ny fotoana tamin'izao famaranana ny jôbily fisotroan-dronon'ny Prezidà synodaly Antananarivo atsinanana, sady faha-40 taona naha-mpitandrina azy mivady izao.

Rajo

Rallye Raid Dakar 2022

Any Arabie Saoudite indray amin'ny 1-14 janoary 2022

Hitodika any Arabie Saoudite indray ny mason'ireo mpankafy fifaninanana rallye, hanomboka amin'ny 1 ka hatramin'ny 14 janoary 2021, hanatontosana ny andiany faha-44 amin'ny fifaninanana raid Dakar amin'ny ankapobeny ary andiany faha-3 kosa ho an'ny fifaninanana ho tontosaina any Arabie Saoudite. Raikitra araka izany ny fifaninanana handimbasan-toerana an'ireo tompondaka tamin'ny andiany faha-32 dia i Stéphane Peterhansel - Edouard Boulanger nitondra (X-Raid Mini JCW Team) eo amin'ny fanamoriany ary i Kevin Benavides nitondra (Honda) eo amin'ny fanamoriany moto. Lalana mirefy 8 375 km ahitana dingana

manokana mirefy 4 258 km no ho diavin'ireo mpifaninanana mahatratra 430 (149 motos, 97 autos, 105 SSV, 21 quads ary 58 camions). Fandaharana amin'ny ankapobeny : hanainga any amin'ny tanànan'i Djeddah mankany Ha'il Arabie Saoudite ny

dingana « prologue » mirefy 636 km ahitana dingana manokana 19 km amin'ny fifaninanana «Rallye Dakar 2022» amin'ny sabotsy 1 janoary 2022 izao. Amin'ny alahady 02 janoary 2022 kosa no hanomboka ao Ha'il ny dingana voalo-

hany amin'ity fifaninanana ity. Marihana fa hahatratra 8375 km ny totalin'ny lalana ho diavin'ireo mpifaninanana, ka ny 4258 km amin'izany dia dingana manokana avokoa. Any amin'ny 14 janoary 2022, no hifarana ny fifaninanana. Fandaharam-potoana indray mijery : sabotsy 1 janoary 2022 : fiaingan'ny "prologue" any Ha'il: lalana mirefy 546 km, izay ahitana dingana manokana mirefy 334 km. Alahady 2 janoary 2022 : fiaingan'ny dingana voalohany any Ha'il, sabotsy 8 janoary 2022 : andro fialan-tsasatr'ireo mpanamory any Riyadh. Zoma 14 janoary 2022 : fahatongavana farany any Jeddah.

Rainilita



Rallye Raid Dakar.

Distrikan'i Morondava

Miaramila iray vao 23 taona maty voatitry ny dahalo

Miaramila iray antsoina hoe Zaire Houssen Anouvaralie, miaramila kilasy faharoa avy ao amin'ny toby BOA B2 ZRPS BRAVO Ankilizato, izay detachment ao amin'ny kaominina Analava distrikan'i Morondava, no lavon'ny balan'ny dahalo ny alahady faha-26 desambra 2021 teo, raha nifampitifitra tamin'ny dahalo tao amin'ny fokotany Anjatelo, kaominina Analava, distrikan'i Morondava, faritra Menabe, ka dahalo telo saika handroba vola vidim-barin'ny tantsaha sady mpandraharaha iray ao an-toerana no lavon'ny balan'ny miaramila, ary iray tamin'ireo dahalo voatitry ireo no nitifitra ity miaramila ity ka samy maty teo izy ireo. Io no vokatry ny fifampitifirana teo amin'ny dahalo sy ny mpitandro filaminana, tsara ho marihina fa vao nihadihaody nanodidina ny tanàna ireto dahalo ireto dia efa nisy nahatsikaritra, ka nandray andraikitra avy hatrany ny ray amandreny tao an-toerana niantso miaramila, ka miaramila 6 no niaraka tamin'ireo fokonolona niatrika ireo dahalo tokony ho tamin'ny 5 ora maraina. Tsara ho marihina fa iny faritra iny izay faritra mena ary efa saika rava mihintsy tamin'ny fotoanan'ny tetezamita noho ny tsy fandriampahalemana, ka efa mba namboka niverina namonjy ny fonenany ireo olona nanomboka ny taona 2014 dia izao manomboka mitaintaina izao indray, satria manomboka mahazo vahana indray ireo olon-dratsy, ka mangataka ny hametrahana miaramila amin'ny faritra atsimon'ny ranon'ny Kabatomena iny ireo fokotany mitambatra amin'ny faritra atsimon'ny kaominina Analava iny. 23 taona ity miaramila ity izao lavo amperin'asa izao. Mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviana sy ny Tafika Malagasy amin'izao fahoriana mianjady aminy izao ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

Rajepa

CHRR Morondava

Tsy misy "kit d'urgence"

Toa mahagaga sy mampalahelo ihany raha ny hopitaly be Namahora eto Morondava faritra Menabe, no tsy misy ireo kit d'urgence, na ireo fitaovana ilaina amin'ny hamehana, satria ny alin'ny 26 desambra tokony tamin'ny roa ora maraina izahay nitondra olona nisy nanafika tao amin'ny hopitaliben'i Namahora Morondava, nandray tsara ny tao amin'ny Urgence ary nanoratra ireo fanafody rehetra ilaina, nasaina noentina tao amin'ny farmasia ilay taratasy, nijery ny fanafody ny tao ary nanonona fa 41000 ariary ny fitambarany, nojerena ny vola tsy nisy nitondra vola ny rehetra ka nifampiresaka tamin'ny tompon'andraikitra tao amin'ny farmasia ny fianakavian'ilay naratra, izay sady mpiasa ao amin'ny hopitaly ihany koa, fa tsy nanaiky ny tao amin'ny farmasia ary nilaza fa mahaleotena ny farmasia fa tsy miditra amin'ny resaky ny hopitaly, ka mila vola izy vao mamoka fanafody satria ny farmasia tsy miankina, izany hoe privé ny farmasia ao amin'ny hopitaliben'i Namahora Morondava. Mba ho famonjena ny aina moa satria dia vaky loha ary nandeha ra be ilay naratra dia napetraka tao ny karatra maha mpitandro ny filaminana azy mandrapahatongan'ny vola vidin'ny fanafody.

Raha nanontany ireo mpitsabo moa izahay hoe : angaha isika aty tsy misy kit d'urgence dia nilaza izy ireo fa « werawera » na eboebo fotsiny izany, fa mbola tsy tonga aty. Ny tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny CHRR Namahora Morondava kosa vao tsy ela akory izay no nilaza fa misy ary maharaka tsara ny kit d'urgence ho an'i Morondava. Ny zava-misy iainan'ireo mpitsabo sy marary anefa tsy araka ny lazain'ny tompon'andraikitra, ka asa rahoviana vao hifarana ity « werawera » lava izay efa mihàtra aman'aina ity, satria ny fahasalamana dia ain'olona no tsaboina ao nefa dia izao anaovana fampiananana poakaty izao, fa izay manambola ihany no mahazo fitsaboana.

Rajepa



Ny CHRR Morondava.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 25/12/2021 hatramin'ny 01/01/2022

- NOUVELLE (Rue Indira Gandhi Tzaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

- SOANDRY (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12

- HANITRA (Ankorahotra-020 22 312 81/020 22 350 80

- MAMY (67HA Nord Est) 020 22 318 21/033 74 154 87/032 26 859 84

- TOKY (Andrefan'Ambohi-janahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel : 03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompieris : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement Tzaralalana : 22 280 54 2° Ambanidia : 22 309 46 3° Antaninandro : 22 291 30 4° Isotry : 22 280 51 5° Mahamasina : 22 280 48 6° Ambohimarina : 22 225 52 7° 67 Ha : 22 291 29 8° Analamahitsy : 22 493 25 Brigade criminelle : 22 216 78 / 22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazety-miseho intelo isan-kerinandro Vidiny: 300 Ar Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA : Rahelisoa A. 034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:

Isambilo: 033 24 783 65 Rajo: 033 80 022 53 Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :

Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:

Aris: 034 17 460 53 Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:

Lita: 033 41 557 69

Mailaka:

gvalosoa@yahoo.com NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrana 1247-12-2021 Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

RANDRANA SENDIKALY

Hangotraka ny fitakiana ara-tsosialin'ny mpiasa amin'ny 2022

Hafana ny fitakiana ny zon'ny mpiasa ho an'ny sehatra tsy miankina amin'ny taona 2022 ho avy izao, hoy Andriamatoa Rakotomanga Barison, mpitarika ny Randrana sendikaly, satria tandidonin-doza ny fiahiana ara-tsosialy eto Madagasikara ary miziriziry tsy mihaino ny fitarainan'ireo sendikan'ny mpiasa, ny mpitantana ao amin'ny Cnaps. Nahozy fanazavana ny filohan'ny Randrana Sendikaly, fa mahatsiaro tena atao an-kilabao ireo zokiolona mpandray fisotroan-dronono amin'izao fotoana izao, satria mihena aok'izany ny vola raisin'izy ireo nohon'ny kajy ataon'ny Cnaps. Ankoatra izany nilaza Andriamatoa Barison Rakotomanga, fa mbola betsaka ireo Ray aman-dreny nolavin'ny Cnaps, tsy afaka mandray fisotroan-dronono na dia efa niasa mihotran'ny 60 taona teny anivon'ny orinasa, satria tsy nahafeno ny latsakemboka teo anivon'ny Cnaps ireto farany. Na-

nohy fanazavana ny filohan'ny Randrana Sendikaly, fa mitaraina ireo vadin'ny mpiasa misotro ronono izay zara raha mandray vola na dia efa nikarakara ny vadiny nandritra ny 60 taona niasany teny anivon'ny orinasa iray. Anisan'ny mampitaraina an'ireo Zokiolona mandray fisotroan-dronono ihany koa ny filaharana lava reny rehefa mandray vola, sy ny fahadisoana ataon'ny mpiasan'ny Cnaps rehefa mitsinjara ny volan'ny mpiasa. Nanao tombana mikasika ny ezaka vitan'ny Randrana Sendikaly nandritra ny taona 2021 Andriamatoa Rakotomanga Barison, nilazany fa 70% ny fitarainana nataon'ny mpiasa dia nahitana marimaritra iraisana avokoa ary efa manomboka miroso amin'ny fifampiresahana avokoa ny mpampiasa, rehefa misy olana arak'asa miseho. Nanamafy ny mpitarika ny Randrana Sendikaly, fa nahazo vahana ny tolona sendikaly nandritra ny taona 2021 ary mitombo

ny isan'ny mpiasa miditra amin'ireny sendikan'ny mpiasa fototra ireny, mba hanamorana ny fifampiresahana amin'ny mpampiasa rehefa misy olana. Nilaza ny filohan'ny Randrana Sendikaly, fa mbola nampitaraina ny mpiasa ny fitavozavozana teo amin'ny fahazoana taratasy fiantsoana ho an'ny mpampiasa eny anivon'ny "Inspecteur de travail", sy ny "Controleur de travail" rehefa misy ny disadisa arak'asa. Namarana ny fanehoan-keviny i Barison Rakotomanga, fa hihamafy ny fitakiana hataon'ny Randrana Sendikaly amin'ny taona 2022, satria tsy hanaiky ny fandanianana an'ilay volavolandalàna mifehy ny tontolon'ny asa vaovao, izay nalefan'ny Ministeran'ny asam-panjakana eny anivon'ny Antenimieram-pirenena ny Randrana Sendikaly, satria manitsakitsaka tanteraka ny zon'ny mpiasa io lalàna vaovao io.

Franck Razakambelo

Depiote Todisoa Andriamampandry Nizara fanomezana ho an'ireo zokiolona sahirana tao Avaratanàna

Tsy mitsahatra ny asa soisialy ataon'ny solombavam-bahoaka voafidy tao amin'ny boriborintany faha-6 avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Todisoa Andriamampandry. Tamin'ny fankalazana ny fetin'ny Noely teo dia nanolotra PPN toy ny vary-hena-pâtes, sns... ho an'ireo zokiolona sahirana tao amin'ny Fokontany Avaratanàna Ambohimarina sy ny manodidina ny depiote sy ny ankohonany. Teo ihany koa ny nanomezany kilalao sy bonbons ho an'ireo ankizy zanaky ny sahirana ara-pivelomana. Ankoatra izay, nisy ny fiarahana nisakafo tamin' izy ireo, niarahana nisalahy tamin-dry Masera Benedicte sy ny « communauté servante des pauvres ». Marihina fa ao amin-dry Masera dia sady misy hopitaly mitsabo ny mponin'Ambohimarina sy ny manodidina amin'ny sarany tena mirary ao Avaratanana ary ny « KINE », no tena ahafantaran'ny rehetra io toerana io, ao no misy io Communauté servante des pauvres io, izay manampy ny sahirana, tarihan'i Masera Benedicte.

Helisoa



Ny depiote Todisoa, nizara fanomezana tao Avaratanàna.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 379

Grid for Teny Tondro (N° 379) with letters and arrows indicating connections. Letters include: Jerena, Milaza fananana, Vaventy, Farihy, Tonga, Solfa, Mpanondro, Taranakao, Mifamaly (miv), Mitempo (miv), Miantso, Tanàna, Sakoroka, Tombana, Matokia, Ontany (miv), Bibikely, Efaina, Ray.

BL = Bory Loha BR = Bory Rambo MIV = Mivadika MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valliny Teny Tondro (0378)

Mitsivalana - Tana (miv) - Ravitoto - Ao (miv) - Olana - Ar - Vidy - Ody - Nitarika (miv)

- Bara (miv) - Afo - Nao (miv)

Mitsangana - Ta - Atao - To (miv) - Bà - Tadio - Orinas(a) - Rariny (miv)

TENY MIFANAPAKA

N° 379

10x10 grid for Teny Mifanapaka with black squares indicating non-letter positions.

Mitsivalana

1. Potika - Ranjanana 2. Taranja (miv) 3. Efa antitra, fahiny - Heloka 4. Ankalazaina, ankasitrahana - Heno (miv) 5. Aviavy - Malalany 6. Tovona - Tsy hita (miv) 7. Mampifandray - Vohitra 8. Tamby - Simba sy masiso - Ao amin'ny tsilo 9. Zava-tsarotra aminao - Lavitra tsy hita maso (miv) 10. Zanak'i Dada - Tany avo (miv)

Mitsangana

A. Foto-tanana - Kosa B. Mbola tsy ela, tsy lavitra - Tsy misy volo D. Tafika E. Zana-tsoratra tsy mitovy - Tovana F. Lovia (miv) - Vizana (BR) G. Volana - Efaina ara-bola H. Naoty - Tsy tsaroana I. Feo miverina - Vazo (BL) - Metaly (miv) J. Ambara, lazaina K. Maneho elanelan-toerana (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0378

Mitsivalana

1. Fivelomana 2. Maneno (miv) 3. Alainareo 4. Tranga 5. Goavy - Nana 6. Kilao (miv) 7. Saotra (miv) 8. Aoka - Hira (miv) 9. Niomana - IF 10. La (miv) - Any (miv) - Ina

Mitsangana

A. Fianganana B. Oa - Lio (miv) D. Voavaliiko E. Eny - VI - Amy F. Lentika - An G. Rano (miv) - Rana H. Maranitra I. Amena - OI J. Nihaingo (miv) K. Ar - AA - Fa

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fahatongavan'ny nofomangatsiakan'ny Dr Jean Louis vadin'ny mpitarika ny antoko TIM sy RMDM Toliara ny zoma teo tetsy Bel'Air.

